# “Ny ohatry ny namana tsara sy ny namana ratsy dia toy ny mpivarotra ranomanitra miska sy izay manefy vy,

Tatitra azo avy amin'i Abo Mossa Al-Ashario (R.A), niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Ny ohatry ny namana tsara sy ny namana ratsy dia toy ny mpivarotra ranomanitra miska sy izay manefy vy, ny mpivarotra misk : na omeny ianao na mividy aminy na maheno fofona manitra fona, fa ny mpanefy vy : na mandoro ny lambanao, na maheno fofona ratsy".

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Ny Mpaminany (S.A.W) dia nanome ohatra roa ho an'ny olombelona : Ny karazana voalohany : Ny namana sy sakaiza tsara izay mitarika ho an'I Allah sy izay ankasitrahany, ary manampy amin’ny fankatoavana. Ny mitovy amin'izany dia mpivarotra miska izy ka na homeny ianao, na hividy aminy ianao, na hahita hanitra mahafinaritra avy aminy ianao. Ny karazany faharoa : namana sy sakaiza ratsy; Izay manakana ny olona tsy handeha amin’ny làlan’I Allah, ary manampy amin’ny fanaovan-dratsy, ka voaheloka noho ny fiarahana sy ny fipetrahana amin’ny olona toa azy ianao. Ny mitovy amin'izany dia mpanefy mitsoka ny afony izy; Na handoro ny akanjonao amin'ny pitik'afo manidina izy, na haheno fofona ratsy eo akaikiny ianao.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee